



+33 6 08 33 66 50 | +33 6 14 79 28 69

contact@club1808.com

Siège social : 47, rue Vivienne – 75002 Paris

Parisy, voalohan'ny volana jona 2022

Tompoko,

Ao anatin'ny fitohizan'ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny tenindreny izay marihina ny 21 febroary, toy ny isan-taona, ny Akademia malagasy dia manokana ny volana jona manontolo ho fanandratana manokana ny teny Malagasy amin'ny alalan'ny lohahevitra maro samihafa.

« Ny hasin'ny teny malagasy eto Madagasikara »

No lohahevitra isaloran'ny taom-pankalazana amin'ity taona 2022 ity.

Noho izany indrindra, i **Masoandrontsoa**, pôety sady mpanoratra malagasy, dia manasa antsika malagasy am-pielezana hiara-hifanome tanana, hifanotrona, handray anjara amin'izany hetsika izany, amin'ny maha mpiandraikitra azy izao fanentanana izao, mba hahafahantsika eto Frantsa sy ireo izay any amin'ny firenen-kafa miara-mankalaza sy manome voninahitra izany fotoana izany.

Araka ny andininy faha-4 – andalana faha-3 ao amin'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara « **Ny tenim-pirenena'ny Repoblikan'i Madagasikara dia ny malagasy** », koa fotoana izao ho antsika, hitondrantsika anjara biriky ho amin'ny fanasongadinana ny firenena amin'ny alalan'ny fanomezana lanja ny teny malagasy.

Ny Klioba 1808 am-pielezana sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy (FIVMPAMA Paris – Cercle VOXMADA – INSMAD – ICDD – sns.) dia manohana izao hetsika izao **ho fampiroboroboana ny tenim-pirenena**. Tafiditra ao anatin'ny anjara asa sahaniny ho fampivondronana ny hery rehetra ananan'ny ampielezana ho amin'ny fampandrosoana maharitra (ara-ekonomika, sosialy, aratontolo iainana) sy ny fanasongadinana an'i Madagasikara izany amin'ity, amin'ny alalan'ny fametrahana amin'ny toerany ny teny malagasy izay tena harenabentsika sy mampiavaka antsika amin'ireo firenena hafa.

« *Ny teny dia firenena* », Albert CAMUS (Mpanoratra sady filôzôfa)

« *Andrianiko ny teniko, ny an'ny hafa koa feheziko* », “Di” na RAHAINGOSON Henri (Akademisiana)

« *Ny teny diso tsy mba kabary* », RAJOELISOLO Jean-Lequerre (Akademisiana)



VINA

Hetsika maro no efa novinavinaina hatreto : antsa tononkalo ao amin'ny toeram-pisakafoana Soa6Gasy Cachan, fihaonana amin'ny mpanoratra malagasy **Masoandrontsoa** ao amin'ny tranomboky kaominalin'i Quercy. Ny **hetsika famaranana ny taom-pankalazana dia ho tanterahana ny alakamisy 30 jona**, izay hiarahana mamolavola ireo karazan-tseho azo atambatra.

Hevitra nivoitra tamin'ireo dinikasa teo aloha :

- Fahafahan'ny ampielezana, amin'izay toerana misy azy avy, maneho ny zavatra azony atao amin'ity volana jona ity, ary hiomana sahadys amin'ireo hetsika amin'ny taona hoavy manaraka.
- Fifanohanana sy fampitana ny hakanton'ny tenintsika any amin'ireo fikambanana sy sehatra isan-tsokajiny.

HETSIKA

Handeha àry isika, **hivondrona, hamolavolavola hetsika ho fanamarihana ity taom-pankalazana ity, na dia faran'izay bitika indrindra aza, ary hijery sahadys izay azo hanitarana izany amin'ny hoavy.**

Manaraka izany, asaina ianareo **handroso izay azo heverina fa hetsika azo atao mifanindran-dalana any amin'izay faritra rehetra misy anareo avy**, ka hampita izany miaraka mialohan'ny alahady 12 jona 2022 mba hahafahantsika mampifanindran-dalana azy ireo.

ISIKA MIARAKA, no :

- **hifanakalo sy hikaroka fiaraha-miasa**
- **handrafitra ireo karazana hetsika ho tanterahina ny volana jona**
- **hanomana ny hoavy**

Manantena anareo hifanohana sy hifanome tanana aminay amin'ity hetsika lehibe ho fampiroboroboana ny tenintsika sy ny firenentsika ity.


MISAOTRA SAHADY, MIRARY SOA INDRINDRA TOMPOKO

Tojo ANDRIAMITANTSOA-R



Filoha KLIOBA 1808

Masoandrontsoa



Pôety, mpanoratra
Mpikambana KLIOBA 1808

Maurice ANDRIAMIHAJA



Birao KLIOBA 1808

